Mpiandry raharaha

PHARMACIE DE GARDE
2/11/19 hatramin'ny 9/11/19

- **RAZAFIMANDRANTO** Analakely en face esplanade pavillons) 020 22 234 04/032 62 794 60
- **FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85
- **ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/020 26 040 08/034 40 800 13
- **MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69
- **ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY MATEX Imprimerie

Fametrahana 974-11-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

ETAZONIA, MADAGASIKARA

Miara-miasa amin'ny fiarovana ny toekarena mangan'i Madagasikara

Miara-misalahy amin'ny fiarovana ny toekarena mangan'i Madagasikara, na économie bleue de Madagascar, i Etazonia sy ny mpitandro filaminana Malagasy. Noho izay antony izay, mandray ny fanazaran-tena an-dranomasina "Cutlass Express 19.2" i Madagasikara amin'ity taona 2019 ity, izay tontosaina ny 04 ka hatramin'ny 15 novambra 2019 hoentina hanamafisana ny fandriampahalemana an-dranomasina aty amin' ny faritr'i Afrika atsinanana. Omaly maraina tao amin'ny toeram-piasany Ampahibe no nandraisan'ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena, ny Ambasadaoron'ny Etazonia, nanokafana tamin'ny fomba ofisialy ity fanazaran-tena ity. Anisan'ny manana ny anjara toerany amin'ny fampandrosoana ny toekarem-pirenena amin'izao fotoana ny toekarena manga, maha-zava-dehibe izao fiaraha-miasa izao.

Ireo tompon'andraikitry ny foloalindahy sy ny Ambasadaoro Amerikana omaly teny Ampahibe.

Aly

EPP Belobaka- Mahajanga II

Nalefa nody ny mpianatra tsy nahaloa saram-pisoratana anarana

Mitaraina ireo ray amandrenin'ny mpianatra manoloana ny fepetra raisin' ny mpitantana ny sekoly EPP eto Belobaka, Mahajanga II. Tsy tafiditra andakilasy izay tsy nahaloa saram-pisoratana anarana. Manamarika ireo ray aman-dreny fa tsy misy mpampianatra FRAM ao amin'ity EPP Belobaka ity, ka tsy misy antony tokony handoavan'izy ireo vola raha toa ka handoavana tambinkarama, ny fanjakana rahateo efa nampanantena fa maimaimpoana ny fampidirana mpianatra amin'ity taompianarana ity. Amin'ny 8 novambra 2019 no voalaza fa hisy fivoriana hanapahan-kevitra ny amin' ireo mpianatra tsy nahaloa saram-pisoratana anarana ireo.

Stefa

Matsiatra ambony

Vita ny famindram-pibaikoana teo anivon'ny mpitarika ny zandary

Notontosaina tao amin'ny kianja moderna Ampasambazaha Fianarantsoa ny sabotsy teo ny lanonana famindram-pibaikoana teo amin'i Colonel Randrianarivelo Noelson komandy teo aloha ny vondrontobim-pileovan'ny Zandarimaria Matsiatra Ambony sy ny Lieutenant-colonel Sammy Randriampeno komandy vaovao. Ny Jeneraly Komandin'ny Zandarimariam-pirenena no nitarika ny lanonana notronin'ireo manankaja maro sivily sy miaramila. Fanolorana maripankasitrahana ireo manamboninahitra ambony, zandary prinsipaly ary zandary nahazo vokatra tsara miavaka no nanombohana ny lanonana. Nanaraka izany vao notontosaina ny famindram-pibaikoana teo amin'ny roa tonta, ka nanolorana ny antsy lasa sy Faneva (passations de drapeau et de sabre). Nofaranana tamin'ny matso lehibe ny lanonana izay nandraisan'ny Zandary rehetra ao anatin'ny Faritra anjara.

Stefa

Ny famindram-pibaikoana teo anivon'ny zandary tany Matsiatra ambony ny faran'ny herinandro teo.

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 299



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0298)

Mitsivalana
- Hazavana
- Vola (Miv)
- Lehilahy
- Ahy – Vava
(Miv)
- Ta(ona) – Ma (Miv)
- Ambony
- As – Vohay (Miv)

Mitsangana
- Halatra
- Aleha
- Zohy
- Avy – Amy
- Lamba
- Vata (Miv) – Oh
- Haino
- Vita (Miv) – Vy (Miv)

TENY MIFANARAKA N° 299



Mitsivalana

1. Fitarafana **2.** Fiantsoana – Naoty **3.** Isa any am-pianarana – Tovana (Miv) **4.** Ao amin'ny alina – Tazana (Miv) **5.** Hery – Dio (BR) **6.** Mamonjy fonenana **7.** Nametraka fanontaniana **8.** Saro-bahana (Miv) **9.** Fanaviana **10.** Ao amin'ny tenan'olombelona – Nanantanteraka

Mitsangana

A. Fanao amin'ny trano **B.** Tovana – Tsy anareo, tsy azy ireo **D.** Faradofay **E.** Fanatanjahantena (Miv) – Fialofana (Miv) **F.** Aba – Manaraka ny tale **G.** Faran-teny (Miv) – Tsofoka **H.** Fiandohan'ny tany – Ritra **I.** Tany kely (Miv) – Mampisafidy (Miv) **J.** Andro iray **K.** Antokom-pihira – Mpampitohy – Fandrehetana

Valiny Teny mifanaraka 0298

Mitsivalana
1. Manahirana 2. OM - Birao (Miv) 3. Anabavy - Ma (Miv) 4. Nono - Nara 5. Aato - Kal(o) 6. AB - Laok(a) 7. Karazany 8. Aro - Maloto (Miv) 9. Esotra - Re 10. Hao - Atao (Miv)

Mitsangana
A- Mpanjaka B. No - Barea D. Noana - Roso E. Amboara F. Zoto G. Voy (Miv) - (H)olatra H. Rain(y) - Taona (Miv) I. Ar - Lioka (Miv) J. Niarak(a) - (V)ar(y) K. Lamba (Miv) - Omena